# 18 NY ALA VOLON-JAZA

## LOHAHEVITRA

- Mahafantatra ny fomba amam-panao malagasy aorian'ny fahaterahana ka manome lanja izany.

## LESONA HO TADIDINA

**Lahatsoratra:**

Rehefa mandray telo volana ny zaza (izany hoe tapitra roa volana ny andro nahaterahany ary vao manomboka andro vitsivitsy ny volana fahatelo) dia alam-bolo. Andro firavoaravoana lehibe io, ka ivorian'ny mpianakavy maro ary misy fihinanam-be amin'izany.

Alohan'ny hanalana volon-jaza dia efa voriana ireto zavatra samihafa ireto, izay atao ho tandindon'ny fanambinana sy alalana ahazoana azy: fary raiki-bololona, akjondro velon-dreny, famoa... Atsatoka ery an-joro firarazana ireo, rehefa aroso ny fanalana volon-jaza: ary eo ambony sahafa izay apetraka eo afovoan-trano, dia asiana vary masaka misy laoka, toho maina sy tantely ary trafon-kena, miampy saonjo masaka voatetika.

Dia anetezan'ny velon-dray aman-dreny ny volon'ny zazakely ka ahahaka eny ambony vary hena eny ny volo voahety voalohany. Amin'izany ny vehivavy mitady zaza dia efa mivory manodidina ka raha vantany vao baikoin'ilay vavy antitra zokiny indrindra eo amin'ny fianakaviana hoe "oainy rankizy" dia miara-mihohoka mifandrombaka izay azony eo ambony sahafa, ka izay mahazo dia mandrapaka sy mambosibosika ary miramirana ery amin'ny fanantenana fa tsy maintsy hanana anaka. Misy ny tovolahy matanjaka sasany mandrirotra ny sahafa sy ny hanina eo amboniny, ary entiny iny ka apetrany eo ambany

fandriana, fa tena manambina, hono, izany.

Ny fary sy ny akondro tery an-joro firarazana kosa ifandrombahan'ny olom-baventy, na lehilahy na vehivavy, fa samy maniry ny hanana fara sy dimby ihany. Amin'io fotoana analana volon-jaza io no anomezana anarana ilay zaza.

**Famaritana**

Ny ala volon-jaza dia fanapahana voalohany ny volon'ny zaza rehefa mandray telo volana izy. Amin'io fotoana io vao omena anarana ny zaza.

Araka ny voasoratra ao amin'ny Rakibolana malagasy, nilaza RAJEMISA-RAOLISON (R.) fa ny ala volon-jaza dia : « fombafomba arahina amin'ny fanapahana ny volon-jaza voalohany raha vao mandray telo izy, »42 tak. 49.

**Ny fitaovana ampiasaina**

Miankina amin'ny tanjona kendrena no itadiavana ary anangonana ireo fitaovana ampiasaina. Ireto avy izany: ny rano, ny famaky, ny toaka, ny zava-maneno, ny vola, ny lovia, ny emboka, ny hety, ny lambahoany, ny lazalazabe ary ny tsihy, sahafa,

**Ny antony hanatanterahana ny ala volon-jaza**

« ny ala volon-jaza dia fomba fiarovana ny ain'ilay zaza amin'ny loza, ary koa amin'ny aretina, sady fomba fampidirana azy ho olombelona rehefa

**Ny fombafomba sy ny dikany**

Ala volon-jaza: fanapahana voalohany ny volon'ny zaza

- Fidiran'ny zaza tanteraka ao amin'ny tontolon'ny velona
- Atao eo ambony sahafa miaraka: vary maina, toho maina,

trafon-kena, tantely, saonjo: tandidon'ny fahafenoana eo amin'ny lafiny sakafo Vary + laoka (toho maina, trafon-kena) + haninkotrana (saonjo) + tantely

- Hirariana ny zaza hanana fiainana feno, hanana ny ampy, tsy hanan-java-mahory
- Fary, akondro, famoa
- Hirariana ny fiainan'ny zaza hiroborobo sy hirariana ny zaza hanan-taranaka
- Trafon-kena
- Hirariana ny zaza mba ho lasa ambony, hiavaka amin'y fiainany
- Tantely (mamy, sakafo feno)
- Hirariana ny zaza hanana fiainana tsara (mamy) sy ho feno amin'ny lafiny rehetra

**SAHANASA 1**

1- Inona ny atao hoe ala volon-jaza?
2- Nahoana ny Malagasy no manatanteraka io fombafomba io ?
3-Inona avy no fitaovana ilay raha hanatontosa ny lanonana fanalana voalohany ny volon'ny zaza?
4-Hazavao ny anton'ny fisian'ireto ao amin'ny ala volon-jaza: sahafa feno sakafo, fary raikibololona, tantely

**Sahanasa 2**

« Ny ala volon-jaza dia fombafomba atao hanetezam-bolo ny zaza, na izy telo volana, na izy efa maniry nify ». Ny volo tapahina voalohany fahiny dia eo ambony sofina havia, ny faharoa dia eo ambony fihirifana, ary ny fahatelo farany dia eo an-tampon-doha, samy hangalana kely avy ireo faritra voalaza ireo ary ny volo afaka amin'izany no hafangaro amin'ilay vary izay hifandrombahan'ireo vehivavy maniry ny hiteraka. Mba ho taratry ny fiainan'ilay zaza hisondrotra hatrany no antony hanetezana azy miakatra. mbola misy vatomamy vita gasy sy vola vy ihany koa aza asiana an'ilay volo dia voriana daholo ny. ankizy ary atsipy eo ambony tsihy hisatra mba hifarombahan'ny ankizy rehetra. Araka ny fomba tamin'izany fotoana izany dia olona mbola velon-dray aman-dreny, salama tsara sy nitokisana ireny no nofidiana hanapaka volon-jaza. Finoana: mba hanahaka iny olona iny ilay zaza. Ho hendry, ho ela velona, ...

Miainga amin'io ampaham-panadihadiana fohy io:

1-Manao ahoana ny fomba fanetezana ny zaza voalohany.

2-Inona ny antony handrombahana ny sakafo mandritra ny fombafomba?

3-Nahoana no olona velon-dray aman-dreny no manapaka ny volon'ny zaza voalohany?